# Fantatrareo ve iza no olona bankirompitra (faillite)?

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Fantatrareo ve iza no olona bankirompitra (faillite)?" Namaly izy ireo hoe : bankirompitra aminay dia ireo izay tsy manana dirham na tsy manan-karena, niteny ny Mpaminany (S.A.W) hoe : “Ny olona bankirompitra amin’ny vahoakako, rehefa tonga ny andro farany miaraka amin’ny Swalat, fifehezana, zakat, nefa izy nanompa an'itsy, nanendrikendrika an'itsy, nisoloky fananan'itsy, nandatsa-drà an'itsy, nikapoka an'itsy, ka akana amin'ireo asa soany atolotra an'itsy, ary itsy amin'ny asa soany, rehefa lany ny asa soa vitany mialohan'ny hivitan'ny trosany dia alaina indray ny haratsiana amin’ireo olona nambakainy dia omena azy avy eo atsipy any amin’ny Afobe izy.”
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanontany ny mpanara_diany ny Mpaminany (S.A.W) hoe : Fantatrareo ve hoe iza no bankirompitra (maty antoka)? Hoy izy ireo namaly : Ny bankirompitra eo aminay dia izay tsy manam-bola na fananana, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) hoe : Ny bankirompitra amin’ny vahoakako amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty dia izay manao asa soa toy ny swalat sy ny fifehezana ary ny zakat, nefa efa nanompa sy nanozona olona, nanendrikendrika olona tamin'ny voninahiny, ary nihinana volan'ny olona nefa nandà izany, nandatsaka ny ran'ny olona sy nanambaka azy, nikapoka sy nanevateva olona, ka nomena ny olona nambakany ny sasany amin'ny asa soa nataony, ka rehefa lany ny asa soa nataony nefa mbola tsy tapitra ny olona mitaky zon'izy ireo aminy, dia alaina ny otan’ny voambaka ary apetraka eo amin’ny bokin’ny mpanambaka, avy eo dia ariana sy atsipy any amin’ny afo satria tsy misy asa soa tavela intsony aminy.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/6454

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee